# FIFEHEZANA NY OLITRA LEGIONERA AMIN'NY KATSAKA



## Fivoarany eran'izao tontolo izao sy eto Madagasikara

- Avy any amin'ny Kaontinanta Amerikana ny olitra legionera. Ny taona 2016 no nahitana azy voalohany taty Afrika. Niparitaka haingana izy avy eo ka niteraka fihenan'ny vokatra katsaka hatrany amin'ny 10-15%. Ny olitra lezionera no lasa fahavalo mpanimba indrindra ny voly katsaka
- Ny volana Novambra 2017 no nahitana voalohany ny olitra lezionera teto Madagasikara. Ny taona 2018 anefa dia efa niparitaka tamin'ny faritra 22 ity karazana olitra ity.
- Arakaraka ny toetr'andro sy ny fomba famboly ny fiatraikan'ny olitra lezionera. Ny voly katsaka irery ihany aloha hetreto ny tratrany ao amin'ny Faritra avo eto Madagasikara.

## Ahoana no hahafantarana ny olitra lezionera ary ahoana ny fehim-piainany ?

***Andro voalohany hatramin'ny faha - 3***

Manatody 100 hatramin'ny 200 ao amin'ny vohon'ny ravina akaiky ny foto-katsaka ny lolo vavy.



***Andro faha - 3 hatramin'ny faha - 6 :***


Hita eny ambonin'ny ravina ary mihinana azy ny olitra tanora



***Andro faha - 6 hatramin'ny faha - 14 :***

Tonga eo amin'ny faritra fiforonan'ny babin-katsaka ny olitra ary mandavaka ny hodiny sy ny kolakolany. Goavana ny fahasimbana.







Iray volana eo ho eo ny tsingerim-piainany (ka ny 14 hatramin'ny 21 andro dia olitra). Ny lolovavy iray dia manatody hatramin'ny 1000 isa.


Mety hifangaro amin'ny olitra hafa eny amin'ny voly legioma.




Mety hiparitaka amin'ny amin'ny voly hafa toy ny vary an-tanety



## Inona no fiatraikany amin'ny voly katsaka ?





Ireo fotoana roa tena tokony hifehezana ny olitra lezionera dia :

- ny fitsirian'ny katsaka sy hitomboany, ary alohan'ny hidiran'ny olitra ao anaty foto-dravina ;
- fotoana fiforonan'ny babin-katsaka sy alohan'ny hidiran'ny olitra ao anaty kolan-katsaka.



## Ahoana no fomba hiadiana amin'ny olitra lezionera ?

Fomba maromaro mitambatra no aroso hiadiana amin'ny olitra lezionera : (1) Fampiasana tekinikam-pambolena mahomby. (2) Famongorana ny olitra amin'ny fomba samihafa (mekanika, ady gasy, fanafody simika). Tsy mbola misy eto Madagasikara ny fiarovana miainga amin'ny foto-tarazon'ny masomboly.



## Fiarovana ny voly amin'ny olitra lezionera

- Fisafidianana tany lonaka, fandonahana ny tany amin'ny zezika organika, sy zezika mitondra faosifaoro betsaka kokoa.
- Fampiasana karazan-katsaka haingam-piakatra toy ny IRAT 200 ;
- Fambolena ny katsaka raha vao tapitra ny oram-be voalohany (aorian'ny 15 Novambra amin'ny faritra Afovoany Andrefana) mba tsy hielanelana be loatra ny famafazana ;
- Famafazana tora-tady mba hahamora ny ady amin'ny fahavalom-boly aoriana ;
- Fiavàna ara-potoana (ny ahipody na ahidahy dia tena manome vahana ny olitra lezionera) ; 0
- Fampivadiana ny voly katsaka amin'ireo voly tsy mety amin'ny olitra lezionera toy ny mangahazo na voly tsy dia mora handairany loatra (soazaha, voanjo, voanjobory) 1
- Ireo tokony ho atao : asa lalina 2, voly rakotra ambony sisam-boly 3, masomboly safiotra mahatanty. 4










## Famongorana mivantana


Potehana ny atody na esorina amin'ny tànana ny olitra (raha mbola kely ny faritra misy azy na amin'ny tanimboly kelikely).

→ eny ampiandohan'ny tsingerim-piainan'ny olitra lezionera dia any ambanin'ny ravina ny atodiny 5. Avy eo dia eo amin'ny foto-dravina 6. Rehefa mamelana ny katsaka dia eny ivelan'ny foto-dravina indray izy.




## Ady gasy

- Fampiasana ireo ady gasy nahomby amin'ny voly legioma toy ny fampiasana ireo voly tsy tian'ny bibikely : kaonsoda, absinthe, tanaisie, sakay, tefrozia, voandelaka (*Melia azedarach*). Ny fampiasana voandelaka (*Azadirachta indica*) hita hatreto fa mahomby indrindra.
- Ny tokony ho atao : fampiasana ireo fahavalo mpihinana ny atody mba hamongorana ny olitra lezionera vao eny am-piatombohan'ny tsingerim-piainany 7. Fandrarahana ranon-tsiramamy amin'ny ravin-katsaka. Fampivadiam-boly asiana zezi-maintso sy voly zava-maniry aro tanimboly 8.











https://www.youtube.com/watch?v=6yt5z3ZnlFo

## Fampiasana fanafody simika

- Fampiasana fanafody mitondra ny marika tsara fantampiaviana ary novidiana teny amin'ny mpivarotra ara-dalàna.
- Fiarovana ny masomboly amin'ny fanafody nahazo fankatoavana (Insector, Seedor).
- Fampifandimbiasaina ny fanafody :
  - Indox, Indoxacarbe
  - Lambdapro Super 35 EC, Lambda- cyhalothrine + Acétamipride
  - Acetamipride + lambdacyhalothine,
  - Abamectine + acetamipride,
  - Thiodicarbe,
  - Profenophos + cypermethrine.




### Fepetra hahafahana mampiasa fanafody simika :

- > 20% raha latsaka ny lohalika ny haavon'ny katsaka ;
- > 40% raha hatreo amin'ny soroka ny haavon'ny katsaka ;
- Tsy tsara ampiasaina ny fanafody simika raha vao mamelana ny katsaka.



Ny fanafody simika rehetra dia mety hitera-doza ho an'ny fahasalaman'ny olombelona avokoa.

Tsy maintsy mampiasa fitaovana fiarovan-tena rehefa mikirakira sy mampiasa azy ireo.



Mpanoratra :
Tahina RAHARISON, Manampahaizana momba ny Agroekolojia ;
Patrice AUTFRAY, Manampahaizana momba ny fambolena, Cirad, UPR AIDA

Nanome ny sary : P. AUTFRAY, T. RAHARISON, GSDM, DPV Madagascar, CEFFEL, USAID et CIMMYT, DPV Madagascar

Jolay 2020

Tetikasa Fampiroboroboana ny asa Fambolena sy Fiarovana ny fizakan-tany Famatsiambola iraisan'ny Governemanta Malagasy sy ny Banky Iraisam-pirenena

MAEP
CASEF
SOCODEVI société de coopération pour le développement international
cirad LA RECHERCHE AGRONOMIQUE POUR LE DÉVELOPPEMENT
SAHA
FIFAMANOR Centre de Développement Rural et de Recherche Appliquée